# Tsy misy olona mitsangana avy amin'ny fivoriana izay tsy nahatsiarovana an'I Allah afa-tsy hoe mitsangana tahaka ny fatin'ny boriky, ka dia ho feno alahelo ho azy ireo

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaire (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tsy misy olona mitsangana avy amin'ny fivoriana izay tsy nahatsiarovana an'I Allah afa-tsy hoe mitsangana tahaka ny fatin'ny boriky, ka dia ho feno alahelo ho azy ireo."
[Mari-pototra] [Notantarain'i Abo Daòd]

Nambaran'ny Mpaminany (S.A.W) fa tsy misy olona nipetraka teo am-pivoriana ka nitsangana avy eo ary tsy nahatsiaro an'I Allah tamin'izany afa-tsy ny nitsanganany toy ny olona mivory manodidina ny fatin'ampondra amin’ny fofona maimbo sy ny loto. Izany dia noho izy ireo variana niresaka zavatra tsy misy fahatsiarovana an'I Allah, ary izany fivoriana izany dia fanenenana ho azy ireo amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, ary tsy fahampiana sy fanenenana ho azy ireo.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee